

# FAMOKARANA TONGOLO LAY (AIL)







**Multiplications :**

**Conception :**

# DRAFITRA


SALAMA TOMPOKO! ANIO ISIKA DIA HIRESAKA MOMBA NY FOMBA FAMOKARANA NY TONGOLO KA HOENTINAY. ETO AMINAREO IRETO LOHA-HEVITRA MANARAKA IRETO ...
I. NY MOMBAMOMBA NY TONGOLO SY NY TOMBONTSOANY. II- NY KARAZANY. III- NY FOMBA FAMBOLENA AZY - FAMAFAZANA - FANOMANANA TOERAM-PAMBOLENA ...
- NY FIKARAKARANA NY VOLY - IREO ARETINA SY BIBY KELY ARY NY FITSABOANA ATAO AMINY.
... IV NY FIOTAZANA SY FITEHIRIZANA, ARY FARANY, V - NY KAONTIM-PITANTANANA
KOA DIA MANASA ANTSIKA ARY HANOVO NY SOA RAKETIN'ITY BOKINTSIKA ITY!

# Inona avy ny tombontsoa azo avy amin'ny tongolo lay?

## 1. Ireo tombotsoa azo avy aminy

- Mampidi-bola (somary lafo vidy)



- Mahatsara fahasalamana (fanafody) sady be otrik'aina



- Manome tsiro ny sakafo noho izy manome fofona manitra



- Afaka mandroaka bibikely toy ny moka sy ireo bibikely hafa mpanimba ny voly (fampiasana @ fampivadiam-boly)

- Afaka atao fanafody sy azo itsaboana voly



## 2. Mombamomba ny tongolo lay



- Fianakaviana : « Amaryllidacées » na « Alliacées » taloha no misy azy ka iray tarika aminy ny tongolo be, tongolo ravina, poaro…;
- Voly mamody na « bulbes » ny tongolo lay ;
- Singany maromaro no mandrafitra ny bokony izay antsoina hoe hasiny na « caieux »

### Toetr'andro :


- Tsy mahazaka toetr' andro be orana fa mitaky vanim-potoana andro lava kokoa @ fiforon' ny « bulbes »;
- Na izany aza dia mila hamandoana izy fa indrindra amin'ny fotoana iforonan'ny voditongolo ;
- Maripana 15-26°C no ilain'ny tongolo





### Toe-tany :

- Mila tany masaka sy maivana ;
- Eny an-tanimbary no fambolena azy raha ho an'ny aty afovoantany fa mety aminy ihany koa ny tany baiboho ;
- Azo volena amin'ny tany tsy asidra loatra na tsy bazika (pH 5,5 – 6,2) ;
- Tsy mety amin'ny tany be vato sy mando lava.





## 3. Karazana tongolo lay

Ny tongolo lay dia azo sokajina amin'ny alalan'ny lokony :

**– Ail fotsy :** Messidor, Messidrome, Thermidrome, Therador, Vigor, Supreme, Sabadrome, Corail (mataty aretina), Jolimont ;

**– Ail mavokely :** Goulurose, Ibérose, Enderose, Jardirose. Ny ail mavokely dia somary lavalava ny fatoriany na « dormance » ;

**– Ail volomparasy :** Germidour, Paradour, Primor, Sprint. Somary mora miondrika na mitolefika ireo karazany ireo ka tsy dia mataty rivotra be loatra.



## 4. Fikarakarana ny tany sy fanaovana zezika

### Fikarakarana ny tany



- Asaina mialoha ny tany, tena tsara raha 1 volana mialohan'ny fambolena ;
- Potehina ny bainga ary azo afafy mialoha ny zezipahitra mba ho masaka tsara ;
- Tsara raha asiana tatatra manodidina mba hahamora ny fanondrahana raha hita fa maina ny andro ;
- Mila manamboatra « plasy » : 1 – 1m 20 sm ny sakany, tsy ferana kosa ny lavany fa miankina amin'ny haben'ny tany ihany.

### Famafazana zezika

- Mitondra zezika masaka sy malemy tsara (kaomposta) ;
- Zezi-pahitra 1 sarety/are + zezika kankana 7 kg ;
- Azo ampiasana koa ireo zezika maintso na hafa toy ny : be-mangidy, tephrosia, lavenona, sns
- Marihina anefa fa maha-mora lo ny tongolo ny zezi-bazaha sy ny hamandoana be loatra ;





### Fanomanana tany

- Atao marindrano ary mandona mialoha ny toerana hambolena

## 5. Fambolena

### Fanomanana ny masomboly







- Silahana tsirairay ny hasiny ;
- Tsy tsara loatra ny mampiasa ilay hasiny anatiny indrindra ;
- Voasana ny tendron'ny hasiny mba hanafaingana ny fivoahan'ny tsiriny ;
- Azo alona mandritry ny 12-24 ora ireo hasiny anaty ranoka-tain'omby mba hahamora ny fitsiriny ;

### Fambolena

- Vanom-potoana 2 no azo hambolena azy amin'ny ankapobehiny : Fevrier eny an-tanety (voly fahavaratra) ary eny an-tanim-bary rehefa afaka ny vary ;
- Raha volena manaraka soritra dia :
    - Elanelan'ny soritra : 20 sm ;
    - Elanelan'ny fototra : 10 sm
    - Halalin'ny fambolena : in-3 n'ny haben'ny voa.
- Raha atao isan-davaka :
    - Elanelan'ny lavaka : 30 x 30 sm ka tongolo 2 na 3 isan-davaka no atsatoka




- Totorana tany manify avy aty ambony ;
- Tondrahana ho mando tsara avy eo.



## 6. Fikarakarana ny voly

- Mila tondraka ny voly raha ilaina ary miankina amin’ ny hamandohana ;
- Avaina sy evoina matetika raha ilaina ;
- Mitondra zezika fanampiny toy ny :
    - Zezika kakana : 5kg/are – Zezika ranony : 10l/are hanoloana ny urée 46% 3 na 4 herinandro aorian’ny fambolena ;

## Aretina sy fahavalo mpahazo ny voly

| Aretina | Fisehony | Fanafody/Fatra |
|---|---|---|
| Kifotsy (oidium) | Rakotra fotsifotsy ny ravina tongolo. Tsy mety mahazo aina ny voly avy eo. | Jereo ny fiche "ady gasy" |
| Mandavenona (mildiou) | Vovoka mainty toy ny lavenona eo amin’ny ravina.Miha-maina tsikelikely tendron’ny ravina. Miafara amin’ny fahafatesan’ny tongolo raha tsy voatsabo. | |
| Harafesenina (rouille) | Rakotra petipetina toy ny harafesenina ny ravina tongolo | |

| Bibikely | Fisehony | Fanafody/Fatra |
|---|---|---|
| Renibempangaraka (Vers gris) | Manapaka ny foto-taho (bibikely ambany tany) | Jereo ny fiche "ady gasy" |
| Trips sy ala kely (acariens) | Biby eny amin’ny ravina : katsentsitra sady manimba ny ravina. Miha-osa ny tongolo ary mety ho faty tanteraka | |






## 7. Fiotazana

- 4 - 5 volana eo ho eo ny tongolo gasy no matoy.
- Miha-maina ny 1/5 na ny 2/3 n'ny ravina.
- Atsahatra tapabolana mialohan'ny fiotazana ny fanondrahana mba hahamaina tsara ny tongolo alohan'ny anongotana sy ametrahana azy ao amin'ny trano fitahirizam-bokatra.
- 8 – 15 taonina isaky ny velaran-tany mirefy 1 Ha eo ho eo ny vokatra mety ho azo.

**Fitahirizana ny vokatra :**

- Atoby amin'ny toerana azo antoka ny vokatra, maina sy azon-drivotra tsara



## 8. Vinavinam-pandaniana sy vokatra mety ho azo

| | FATRA / Ara |
|---|---|
| **FANDANIANA :**<br>- Masomboly<br>- Olona miasa<br>- Kaomposta<br>- Zezika kakana<br>- Zezika ranony sy ady gasy | <br>5 à 7,5 kg/are<br>5 HJ<br>1 sarety<br>7 kg<br>10 l isakin'ny mampiassa |
| **VOKATRA** | **80 – 150 KG** |

## 9. Tombony tsy afa-karatsaka

| | Isan-janton'ny fandaniana |
|---|---|
| **FANDANIANA :**<br>- Masomboly<br>- Olona miasa<br>- Zezika sy fanafody | <br>19,06 %<br>52 %<br>29,74 % |
| **Totalin'ny Fandaniana** | 100 040 Ar |
| **Vokatra** | 320 000 Ar |
| **Tombony tsy afa-karatsaka (Vokatra-Fandaniana)** | **219 960 Ar** |



Miankina amin'ny vidin-tongolo sy ny masomboly ihany koa

# ADY GASY

## FISOROHANA SY FITSABOANA NY VOLY

### TOMBOTSOA

- ✓ Vita amin'ny akora eny an-toerana ;
- ✓ Mihena ny fandaniana ;
- ✓ Tsy dia manimba ny tontolo iainana ;
- ✓ Tsy dia misy fiantraikany ratsy amin'ny fahasalamana
- ✓ Maro ireo akora azo ampiasana eto Madagascar ;

### Mamono sy/na mandroaka bibikely


**SAKAY PILO**
- Mandroaka sy mamono bibikely mandady sy manidina (indrindra fa olitra) ;
- Totoina ny sakay pilo => 2 sotro + 10 l rano ;
- Milona indray alina dia afendraka @ voly.


**NEEM**
- Mandroaka sy mampalaikomana ny bibikely ;
- 1 kg raviny (tetehina) + 5 l rano ;
- Na 1 kg voany (totoina) + 5 l rano ;
- Milona 3 na 5 andro dia afendraka @ voly.


**TEPHROSIA**
- Mamono bibikely (ala kely, dita, olitra,...) sady zezika ranony ;
- 1 kg raviny (tetehina) + 5 l rano ;
- Milona 3 na 5 andro dia afendraka @ voly.


**TARETRA**
- Mamono tanteraka bibikely ;
- 1 kg raviny (tetehina) + 10 l rano ;
- Milona 3 na 5 andro dia afendraka @ voly ;
- Tandremana fa mety miteraka malailay.,


**PARAKY**
- Mamono bibikely manidina sy mandandy ;
- 1 kg raviny sy taho (tetehina) + 1 savony gasy + 10 l rano ;
- Milona 1 andro dia afendraka @ voly.


**LAVENONA**
- Mandroaka sy mamono ny biby anaty tany ;
- 1 kapoaka afafy @ velaratany 1m² ;
- Afaka + Ravina na voana voandelaka atao feta


**TANAISIE**
- Mandroaka sy mamono ireo bibikely (toy ala kely, bibikely mihinandravina,..) ;
- 1 kg raviny (tetehina) + 10 l rano ;
- Milona 5 na 7 andro dia afendraka @ voly.



**AIL**
- Mamono bibikely toy ny ramerina sy ala kely, lolo fotsy kely (voatabia), olitra ;
- Disana ny vodiny iray => 2 sotro + 10 l rano ;
- Avela hilona 1 alina dia afendraka @ voly ;


**MANGAHAZO**
- Mamono bibikely manidina sy mandandy ;
- Kikisana ny mangahazo (1 kg) dia alona anaty koveta. Avela ilona 1 alina dia miavaka eo ambony ny rano tsotra ary ambany ny mangahazo
- Ilay ranona mangahazo io no afendraka @ voly.

### Miaro sy miady amin'ny aretina


**CONSOUDE**
- Miady @ aretina avy @ holatra (lagaly) ;
- Mandroaka bibikely ihany koa sady zezika ;
- 1 kg tahony sy raviny (tetehina) + 10 l rano ;
- Milona 5 andro dia afendraka @ voly .


**TAIN'OMBY**
- Miady @ aretina avy @ holatra (lagaly) ;
- Mitondra sakafo ho any voly ihany koa ;
- 1 kg tain'omby lena + 10 l rano ;
- Milona 5-7 andro dia afendraka @ voly .


**APANGA**
- Miady @ aretina avy @ holatra (lagaly) ;
- Mandroaka bibikely ihany koa ;
- 1 kg raviny (tetehina) + 10 l rano ;
- Milona 10-15 andro dia afendraka @ voly .


**PAPAYE**
- Miady @ aretina avy @ holatra (Kifotsy sy arafesena) ;
- 1 kg raviny (tetehina) + 5 l rano ;
- Milona 5 na 7 andro dia afendraka @ voly .


**ABSINTHE**
- Miady @ aretina avy @ holatra (arafesena) ;
- 1 kg raviny (tetehina) + 10 l rano ;
- Milona 5-7 andro dia afendraka @ voly .


**KARBONETRA**
- Miady @ aretina avy @ holatra (Kifotsy) ;
- 50 hatr@ 150 g atao anaty rano 15 l ;
- Tonga dia afaka ampiasana fa tsy mila aloana.


**Fampiasana ny ady gasy amin'ny voly : aminy ankapobehiny dia mila ampiasana matetika ny ady gasy raha tiana hahomby : 1 isa-kerin'andro raha fiarovana ary 2 isa-kerin'andro raha fitsaboana. Afaka ampiana ranotsavony mba hampateza ny fiasany.**